

TORITENY - ALAHADY faha-30 TSOTRA - TAONA D



Andriamanitra ô, mamindrà fo amiko fa mpanota aho!

Ry Kristianina havana, izao Alahady faha-30 mandavantaona izao no hamaranana ny volana voatokana nandalinana ny momba ny misiona ary hamaranantsika koa ny volan'ny raozery fa isika eto amin'ny diosezy kosa miditra amin'ny taona masin'ny misiona hahatonga antsika ho iraka. Ampitsiahivina antsika ireo hafatra avy amin'ny papa Ray masina amin'izao fankalazantsika ny taona masin'ny misiona izao. Matoa isika mankalaza an'izao dia noho ny faha 100 taona ny taratasy nosoratan'i Papa Benoà faha-15 « Maximum illud » izay maniraka ny Kristianina vita batemy

rehetra ho iraka hanambara eo anivon'izao tontolo izao ny famonjena nentin'i Kristy. Ny lohatenin'ny taratasin'i Papa « Vita batemy, iraka ianao, iraky ny Eglizin'i Kristy eo anivon'izao tontolo izao » ka mifanaraka tsara amin'ny ezaka ataontsika taorian'ny filankevitra pastôraly izay teny faneva manentana mandritra ny

Vakiteny I : Ekl. 35, 15b-17. 20-22a

Salamo : Sal. 33

Vakiteny II : 2 Tim. 4, 6. 8. 16-18

Evanjely : Lk. 18, 9-14

volany misiona sy mampiditra antsika amin'ny taonan'ny misiona : Eglizy Olona Velona aho manorina Eglizy Tranoben'Andriamanitra mba ho taranaka mpanorina. Izany koa no lohahevitra manentana antsika amin'izao taona masin'ny misiona izao mba ho Eglizy Velona isika.

Hamafisin'ny hafatry ny Papa : Ny maha iraka antsika dia mifototra ao amin'ny batemy satria zanak'Andriamanitra isika ka tahaka an'i Kristy dia irahina. Samy efa mahalala àry isika izao fa hanampy antsika amin'ny ezaka ataontsika dia SAMY MAMENO SAJOA NA BASIGNY NA SINY SAOTA ISIKA JEREO NY TARATASY PASTROALY FAHA SAOTA MANAZAVA AN'IZAY

Ny teny hoe Kristianina dia avy amin'i Kristy ka tahaka an'i Kristy isika ilay Teny tonga nirahin'ny Ray dia isika vita batemy no hirahina isika eo anivon'izao tontolo izao izay fantantsika fa miova tokoa ary manilikilika an'Andriamanitra. Vokatr'izany fanilikiliana izany ny tontolom-piainana ankehitriny, izay tsy anjakan'ny toe-panahy maha zanak'Andriamanitra intsony, tsy hita intsony ny fivelarana ny maha olona manontolo -

Hita izany na eo amin'ny tontolo iainana izay miha potika, fantantsika ny vokany, hitantsika koa amin'ny tontolom-piainantsika izay hanjakan'ny herisetra, ny fitapitaka sy ny lainga. Iza andro indrindra no tsy maintsy hijoroana ny vita batemy manana ny Fanahy Masina sy entanin'ny Fanahy Masina ho misionera ho iraka isika ka zary ho EOV.

Antitranterin'i Papa Benoà faha15 amin'ny taratasiny fa tsy fanjanahan-tany ny misiona, tsy fampiharana herisetra na hery famoretana ny fitoriana ny vaovao mahafaly. Marina fa niaraka tamin'ny colonisation ny misionera tamin' izany fotoana izany, tsy izany no tian'ny Papa ambara fa fanirahana ho an'izay vita batemy rehetra, izany no mahatonga ny fanorenana ny OPM (Œuvres Pontificales Missionnaires) na ny « Propaganda Fide » foibe eo anivon'ny Eglizy misahana ny fitoriana (Propaganda) ny Evanjely noho izany ny antom-pisiany dia hanambara ny fitoriana manerantany izany. Feno 100 taona io taratasy fampirishiana io amin'izao. Ny zava misy amin'izao andro iainantsika dia manery bebe kokoa amin'ny fitoriana ny vaovao mahafaly. Izany no ezaka ho entintsika manomboka izao amin'ny fidirantsika ny fankalazana ny faha 100 taona ny FET ka mampiditra antsika amin'ny kongresy eokaristika. Tsy tanjona izany fa ho entintsika hanorina ny EOV manorina ETA ka ho taranaka mpanorina.

Izany indrindra no antitranterin'nireo vakiteny telo izay renesintsika amin'izao Alahady faha 30 taona izao, handalinantsika ny finoantsika sy hilazana amintsika ireo kriterana hiainana ny finoana. Araka ny efa nohalalinintsika tamin'ireo Alahady lasa ny hahafantarana ny finoana velona dia ny fanompoana, ny faharetana anatin'ny fanompoana ary ny toe-panahy tia vavaka. Raha tia vavaka isika dia velona ny finoantsika satria mahatonga antsika hanao ny asan'Andriamanitra ary Izy hanao ny asantsika. Iza Alahady izao koa mbola manampy an'ireo kriterana telo ireo izay manambara ny finoana velona dia ny fanentrentena. Ny fanentrentena no varavarana mampiditra amin'ny vavaka noho izany mampivelatra ny finoana

Voalaza amin'ny boky voalohan'i Ekleziastika 35, « *Maninteraka ny rahona ny vavaky ny manetry tena, fa tsy hionona izy, raha tsy tonga amin'Andriamanitra izany; tsy hitsahatra izy raha tsy efa nojeran'ny Avo indrindra* » Ny fanentrentena no iombonantsika amin'Andriamanitra, izay no ambaran'i Md Paoly ao amin'ny taratasiny ho an'ny Filipianina : « manana ny toetra maha Andriamanitra Izy nataony tsinontsinona izany, nanaiky ho farany ambany izy amin'ny fanompoana ». Fanohizana ny fampianarana momba ny vavaka tamin'ny Alahady lasa teo, raha tiantsika haninteraka amin'ny fiainantsika ny vavaka dia mila ny toe-panahy fanentrentena izany isika ary i Masina Maria izay banjinantsika amin'ny volan'ny raozery izay efa tsy ho ela hifarana izao no modely ho antsika satria toetra hananan'i Masina Maria manokana ny fanentrentena io. Hahitantsika ny vokatry ny vavaka eo amin'ny fiainantsika koa izany ka hahatonga antsika ho mpamafy fanantenana sy ho mpamafy fiadanana amin'ireo manodidina antsika mba ho tonga amin'ny tanjon'izao volana manokan'ny misiona izao fa indrindra amin'izao hidirantsika amin'ny taona masina ny misiona izao. Ka toe-panahy lehibe ho entintsika mamakivaky ny taona masina io hahatonga antsika ho tena mpanompo hifanasoa, hanana faharetana, na inon-kidona

na inon-kihatra miroso ihany isika amin'ny fanompoana, ary hananantsika ny toepanahy tia vavaka ny fanentrentena ambaran'i Jesoa amintsika io.

Hahatonga ny vavaka ho fiainantsika « ho henoimbavaka izay manetry tena » dia manetry tena isika fa tsy hipoerapoera.

Mampianatra antsika hanana fanentrentena i Jesoa ao amin'ny Evanjely androany « *Nisy roa lahy niakatra hivavaka tany an-Tempoly: Farisianina ny iray ary Poblukanina ny anankiray. Nitsangana ilay Farisianina ka nivavaka tao am-pony hoe: 'Andriamanitra ô, misaotra Anao aho, fa tsy mba tahaka ny olona hafa izay mpangalatra, tsy marina, mpijangajanga, na tahaka itsy Poblukanina itsy akory aza; mifady hanina indroa isan-kerinandro aho, ary mandoa ny ampahafolon'ny fananako rehetra'. Fa ilay Poblukanina kosa nijanona eny lavidavitra eny sady tsy sahy niandrandra ny lanitra akory, fa nandona ny tratrany nanao hoe: 'Andriamanitra ô, mamindrà fo amiko fa mpanota aho!' »*

Fantantsika ny toetran'ny farisianina izay mihevitenana efa mahalala sy mahita ny fandalinana rehetra, manana ny fahaizana rehetra, manana ny fahefana rehetra dia matetika io ihany koa ny toetra mahavao antsika, voan'ny fakampanahy isika ka mieritreritra « fa efa vita raha jiaby ka tsy mivavaka intsony », mihevitra fa afaka mahavita an'izao rehetra izao ary tompon'izao rehetra izao. Amin'izao fanomanana ny fankalazana ny kongresy eokaristika, ampianarin'i Jesoa isika hanana ny toetran'ilay poblukana feno fanentrentena ary tsy mihatsara velatsihy fa miombona amin'Andriamanitra « *Fa ilay Poblukanina kosa nijanona eny lavidavitra eny sady tsy sahy niandrandra ny lanitra akory, fa nandona ny tratrany nanao hoe: 'Andriamanitra ô, mamindrà fo amiko fa mpanota aho!' »*, ilay farisianina koasa mieritreritra fa amin'ny fanatanterahana an'izao sy izao dia miombona amin'Andriamanitra « *Nitsangana ilay Farisianina ka nivavaka tao am-pony hoe: 'Andriamanitra ô, misaotra Anao aho, fa tsy mba tahaka ny olona hafa izay mpangalatra, tsy marina, mpijangajanga, na tahaka itsy Poblukanina itsy akory aza »*.

Ilaina ny fanatanterahana ny asa sy ny ezaka fa ny tadiavin'Andriamanitra dia ny hanomezantsika toerana Azy eo amin'ny fiainantsika, raha manana ny fanentrentena isika dia hametraka Azy eo anivon'ny fiainantsika. Tsy ny fanatanterahana ny làlana no tena zava-dehibe fa ny fo manatanteraka ny làlana no tian'Andriamanitra ataontsika izay lazain'i Jesoa amin'ny fanoharana amin'ny evanjely io, dia isika hanana ny fanentrentena. Raha manatanteraka isika dia avy ao anatin'ny fo fa tsy noho ny làlana. Ny Fo no onenan'ny finoantsika, ka raha tiantsika ho velona ny finoantsika dia aoka isika hanana fanentrentena ka amin'izay ny fontsika hiombona amin'ny sitrak'andriamanitra ka ho tanterahiny izay hahasoa antsika. Rehefa isika tokoa no mivavaka dia mihaino an'Andriamanitra isika satria mahalala ny fontsika izy. Ray tokoa Andriamanitra, tsy misy tsy hain'Andriamanitra atao, mahalala antsika izy, ny tadiaviny dia isika hanokatra ny fontsika hanadiovany ny fontsika,-araky ny voalazan'i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa amin'ny taratasy ho an'i Timote ; « *Rehefa tanteraka tokoa izay fanentrentena ka miombona amin'Andriamanitra isika na inona ny mitranga dia vonona mandrakariva*

ny mpanetry tena hiatrika amin'andriamanitra » satria tahaka an'ilay poblikanina ~~dia~~ Andriamanitra no miatrika azy, kamahatsiaro tsy mendrika izy ~~ka~~ Andriamanitra àry manova ny fiainany sy manadio azy. Ny fiainana misy an'Andriamanitra no maha misionera antsika satria maneho ny maha zanak'Andriamanitra isika, fampitrahofana ny finona ary ny fiainana andavanandro, izany no atao hoe finoana velona. Araky ny fanoharana ataon'i Jesoa io dia Andriamanitra no miatrika ilay poblikana izay nahatsiaro tena fa tsy mendrika ka Andriamanitra namindra fo azy izany hoe niova ny fiainany manontolo ka zary fiainana misy an'Andriamanitra, izay fiainana misy an'Andriamanitra no mahatonga antsika ho misionera ka aoka àry isika hamakivaky ny taona masina ny misiona hahatonga antsika tokoa araky ny hafatry ny Papa amin'izao andron'ny misiona izao. Mahavariana hoy ny Papa Fransoa fa ny izao faha-100 taona hankalazana ny taratasy mikasika ny misiona izao dia mifanaraka amin'ny sinoda fandalinana ny tontolo iainana dia ny sinodan'ny Amazona. Fantantsika ny halehiben'izany fandalinana ny tontolo iainana izany, anisan'ny fanehoana ny finoana ny fanatanterahana ny fikajiana sy fikolokoloana ny tontolo iainana izany, anisan'ny maha Katolika antsika, anisany fivelomana ny finoana izany . Hitantsika amin'ny hafatra ambara eto amin'ny diosezy ny maha katolika antsika ny fandraisana an-tànana ny fiveloman'ny Eglizy sy ny fikolokoloana ny tontolo iainana mahatonga antsika milaza amin'izao ny hazo nikarakaraiko mandritra ny taona ireny no hitako fa miroborobo izao. Fiovampenitra mahery vaika izany rehetra izany, azo lazaina fa izany ny fanadiovana ny fo ka mahatonga antsika hanana ny fiainana maha zanak'Andriamanitra. Hoy indrindra ny Papa : « raha misy olona ananakiray nihaona marina tamin'i Jesoa nitrohatra taminy dia tsy maintsy miova ho tsara ary mampiova ny manodidina azy ». Izay ilay poblikina. Noho izany ~~ka~~ ny fomba fiainantsika ireo toe-panahy vokatry ny famenoaona ny sajoa saota dia toepanahy misionera. Anisan'izany ny mikarakara ny tontolo iainana, izany no maha EOY antsika hanorina ETA ka ho génération mpanorina tontolo iainana feno fiadanana hahafahantsika mampivelotra ny tontolo iainana, hampivelatra antsika ihany koa satria manatsara ny tontolo ianantsika, satria raha tsy kolokolointsika dia ho potika fa raha karakaraintsika kosa dia mitondra antsika hanana tontolom-piainantsika hivelatra, ka hampanjantsika ny maha misionera antsika, hahatonga antsika ho fanasina sy fahazavana mampanjaka ny rariny sy ny hitsiny ary ny fifankatiavana eo amin'ny mpiara-belona, ho mpamafy fanantenana eo anivon'ny tontolom-piainantsika izay maro zavatra mahakivy. Raha mampanjaka fanantenana isika dia mamafy koa ny fiadanana ka feno fivelarana ny tontolom-pinoantsika satria mipetraka eo anivon'ny fiainantsika Andriamanitra, izany no ambaran'ny fanoharana ataon'i Jesoa mikasika ny poblikana, izay nahatsiaro tsy nendrika ka Andriamanitra mikarakara azy, izy nahatsapa fa tsy afaka miatrika Andriamanitra fa Andriamanitra miatrika azy, izany no ilana ny fanentrentena.

Ry Jesoa Tompo ô, mamarana ny volana manokana ho an'ny misiona izahay ary mampiditra anay amin'ny taona masin'ny misiona ka hahatonga anay handalina ny finoana araky ny voalaza fa ho entina manompo, hahay hiombona bebe kokoa amin'ny alalan'ny vavaka, finoana velona anatin'ny fanentrentena, finoana velona izay manana ohatra velona izahay manana modely dia i Masina Maria Reny izay niarahanay nibanjina

tamin'ny raozery izao volana izao ny misterin'ny famonjena anay, enga anay ho mpamafy fanantenana sy fiadanana tokoa izahay hiova ny fiainanay hiadam-pinaritra ao aminao. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson